## Polisim-pirenena
# Tapaka ny fanomezana passeport nanomboka ny zoma teo 6


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 4 septambra 2018 Laharana 809 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Asan' ny Apostoly 17: 30** 5

## Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 2 septambra 2018

Alarobia Ambatomanga, Anjeva, Manjakandriana 2 3 8

# Nifanotofana ny niresaka tamin'i Dada



«Vitrine du Vakinankaratra» 7

# Nisongadina ny orinasa AAA- TIKO




TIM BORIBORITANY FAHA 6 2

## Nanome faradoboka 5 andro ho an'ireo mpanala BACC



Adina EPS Bakalorea 6

## Toa hatao tefimaika fotsiny

Tsy fandriampahalemana 6

## Jiolahy 8 voasambotra, mpitandro filaminana ny 2

Minisitra Guy Rivo 2

## Tsy manao ambanin-javatra ny orin'asa Malagasy

**Daka kely**

Ny vahoaka voakarama ihany no entin'ialahy etsy sy eroa ry Boaikely a !

Rajoelina 3

## Nihinana ny IEM tany Bevalala Atsimondrano



ALAROBIA AMBATOMANGA, ANJEVA

## Nifanotofana ny niresaka tamin'i Dada

Naneho ny hafaliany tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana avokoa ireo mponina, namana, mpiara-mianatra taminy fahiny, nandritra ny fanadalovany tany Alarobia Ambatomanga izay tanàna naha-lehibe azy rahateo ny sabotsy lasa teo. Raha toa ka raharaha mikasika ny finoana ho fanokànana mpiandry no nanasàna azy tany an-toerana dia tsy navelan 'ireo vahoaka raha tsy nitafa taminy taorian'ny fanompom-pivavahana ny kandidà laharana faha-25 (N°25), Marc Ravalomanana. Nifanotofan'ny rehetra no niresaka tamin'i Dada, hafa ihany tokoa i Dada, mihaino ny hetahetan'ny rehetra ary tsy maintsy hahitana vahaolana ireny rehetra ireny hoy izy. Mbola tsy maty ao ampon'ireo vahoaka ny zavabitan'ny Filoha Marc



Ravalomanana tamin'ny fotoam-pitondrany. Isan'ireo mahita faisana tamin'ny krizy mandrak' ankehitriny ny fampianarana sy ny fanabeazana, io anefa no laharam-pahamehana taminy ankoatra ny fanamboaran-dàlana nandritra ny 7 taona nitondrany ary hahatsiarovan'ny vahoaka azy hatrany. Vahoaka maro no miandrandra ny fanarenana ny firenena ankehitriny. Ambetin-tenin'ny Kandidà Marc Ravalomanana matetika ny hoe: mpanorina fa tsy mpandrava isika. Izany indrindra no tokony hahasahiana hijoro ho vavolombelona mandrakariva eo anatrehan'ny asa vita. Mifampatoky ny mponin'Ambatomanga sy Anjeva gara ary ny Kandidà Marc Ravalomanana, ka mbola hiverina any an-toerana ny tenany rehefa tonga ny fotoanan'ny fampielezakevitra.

***Andry Tsiavalona***

Minisitra Guy Rivo

## Tsy manao ambanin-javatra ny orin'asa Malagasy

Hatramin'ny nitantanan' ny minisitry ny indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina, Guy Rivo Randrianarisoa dia tsy nataony ambanin-javatra ny mijery sy mitsidika ireo orinasa Malagasy. Maro amin' ireto farany no velom-panantenana satria sambany teo amin'ny tantara no nisy minisitra tompon'andraikitry ny Indostria no nanao toy izany. Omaly dia tonga nitsidika ny orinasa ADONIS



teny Ambatomirahavavy ny Ministra Guy Rivo Randrianarisoa sy ireo mpiara-miasa aminy. Ny nahafantarana ity orinasa ity dia manodina ireny solika na menaka maty ireny ho azo ampiasaina indray. Fa ankehitriny kosa dia efa miditra amin'ny fanovàna ny fako plastika ho lasa akora azo ampiasaina indray ity orinasa ity. Nirary soa ity orinasa ity ny Ministra mba havita be ary hanohy hatrany ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny asa ataon' izy ireo.

***Helisoa***

Fiangonana FJKM

## Nahazo mpiandry 125 vaovao ny Synodam-paritany Antananarivo Atsinanana

Niainga teo amin'ny fiangonana tranainy ny diaben'ireo mpiandry miisa 125 hihazo ny fiangonana FJKM Ambatomanga. Nialohavan'ireo Birao foibe FJKM sy ny mpitandrina ary ny filohan'ny fankalazàna ny jobily faha-50 taonan'ny FJKM, ny filoha Marc Ravalomanana. Kristianina avy amin'ny fitandremana samihafa mivondrona ao amin'ny Synaodam-paritany Antananarivo atsinanana no niara-niombom-bavaka nanome voninahitra ity fanokànana mpiandry miisa 125 ireo. « Vavolombelona mahatoky » no anarana nisaloran'izy ireo tamin'ity andiany ity. Teo amin'ny fotoanan'ny fandraisam-pitenenana samihafa, no nanomezan'ny Filohan'ny fankalazàna ny jobily faha-50 taona, Marc Ravalomanana fankasitrahana sy fankaherezana ho an' ireo mpino Kristiana indrindra fa ireto mpanompon'Andriamanitra vao nahazo fahasoavana ireto, ny amin'ny tokony hijoroana vavolombelona mandrakariva amin' ny asa atao mba ho fitaratra sy alain-tahaka eo anivon'ny fiangonana, fiaraha-monina ary ny firenena. Hafatra mafonja no nomen'ireo izay nandray anjara fitenenana ankoatra ny Mpitandrina nitondra ny tenin'Andriamanitra, dia niompana indrindra tamin'izay fijoroana vavolombelona mahatoky izay. Tsara ny manamarika fa tao anatin'ny taona vitsy izay dia efa mananika ny 12800 ny isan'ireo mpiandry manerana ny nosy.



***Andry Tsiavalona***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy hisy intsony ny fitokanana hataon'i Mpampiesona amin'ity herinandro ity

**3 andro sisa dia hiala amin'ny fitondràna ny filoha Hery Rajaonarimampianina izany hoe ny zoma ho avy izao. Mandritra izany anefa ity filoha ity dia manao ny faraheriny amin'ny fampiasàna ny fahefam-panjakàna hanasongadinana ireo lazainy fa zava-bitany. Amin'izao fotoana izao dia any Chine indray ny filoha Hery Rajaonarimampianina, mbola manao fifanaraham-piaraha-miasa amin'ireo mpandraharaha any an-toerana. Mieritreritra ve ity filoha ity amin'izany fa mbola hipetraka amin'io sezany io hatrany izy ka hitohy ny asa maha filohampirenena azy ? Raha ny eto an-tanindrazana indray dia mbola mampanantena ny vahoaka i Hery Rajaonarimampianina fa amin'io taona ho avy io dia ho vita ny asa ataontsika tsy vita amin'izao sns…. Raha ny angom-baovao azo dia ny 6 septambra ho avy izao vao hiverina eto Madagasikara i Hery Rajaonarimampianina, ny 7 septambra anefa izy no tsy maintsy miala prezidà, any Chine izany ingahirainy no manao veloma ny Malagasy fa hiala amin'ny seza. Tsy hisy intsony izany ny fitokanana zava-bita na fametrahana vato fehizoro amin'ity herinandro ity, hataon-dRampampiesona.**

***Helisoa***

TIM Boriboritany faha 6

## Nanome faradoboka 5 andro ho an'ireo mpanala BACC

Mitohy hatrany ny asa sosialy ataon'ny antoko Tiako I Madagasikara sy ny tanora TIM izay tarihin'i Lalaina Rabezanahary ao amin'ny boriboritany faha 6. Amin'izao hakatoky ny fanadinana BACC izao dia nisy ny fanomezana cours faradoboka maimaimpoana ho an'ireo ankizy mpanala fanadinana baccalauréat miisa 250 mahery nisoratra anarana. Nanomboka androany ary haharitra 5 andro izany hetsika ara-panabeazana karakarain'ny antoko TIM Boriboritany faha-6 izany. Ity fanomezana cours maimaimpoana ho an'ireo mpianaratra hanala bacc ity dia fiaraha-miasan'ny antoko amin'ny sekoly tsy miankina, ny Lycée Privé Les Rossignols Ambohimanarina. Maro ireo mbola te hiatrika izany nefa voafetra ny toerana hoy ny mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo sady filohan'ny tanora TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6, Lalaina Rabezanahary. Araka ny fantatra dia hahazo cours maimaimpoana toy izao ihany koa ny mpianatra hanala fanadinana CEPE sy Baccalauréat amin'ny taom-pianarana ho avy. Izay tokoa ilay hoe ny mahasoa aloha vao ny mahafinaritra, satria nataon'ny antoko Tiako I Madagasikara ny ambony ny resaka fanabeazana ho an'ny ankizy sy ny tanora Malagasy.

***Helisoa***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Miangaly R

**MANJAKANDRIANA**

## Efa eto aho hoy Ravalo, hafa ny tamin'ny 2013



Tany amin'ny distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga no notsidihan'ny filoha Marc Ravalomanana laharana faha-25 (N°25) ny andron'ny omaly. Niaraka taminy tany an-toerana ireo solombavambahokan'ny fanovàna Tiako i Madagasikara (TIM), notarihan'ny filoha lefitry ny Antenimeram-pirenena Antananarivo ny Me Hanitra Razafimanantsoa, sy ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM, Félix Randriamandimbisoa. Nandritra izany dia nandalo sy nijery ny zava-mitranga eny ifotony ny filoha Marc Ravalomanana. Namafisiny fa "hamelona" no andraikitr'i Dada, ary manangana fa tsy mandrava. Manànaa fanantenana ianareo hoy izy fa hiposaka ny masoandro fa efa eto Dada, minoa fotsiny ihany. Hanao izay tratry ny heriko aho hoy izy hamonjena anareo tantsaha, tsy ho kamboty intsony ianareo fa efa eto Dada e! Tsy misy toerana niaviana izany ry Manjakandriana ka ho adino a! ho tohizantsika ny fanamboarana ny tsena sy ny lalana izay efa tokony ho natao, saingy noho ny hetraketraky ny sasany dia tsy vita. Ankoatra izay, mbola nandalo tao Nandihizana Carion ihany koa ny filoha Marc Ravalomanana, tsapako hoy izy fa mangetaheta fampandrosoana ianareo, efa eto aho izao hoy izy fa manàna fanantenana.

***Helisoa***

Ambatondrazaka

## Manomboka mihetsiketsika ny mpanohana an'i Dada N°25

Tsy hoe mangalatra fanombohana fa efa mametraka ny lamina rehetra hirosoana amin'ny fampielezan-kevitra ny avy eny anivon'ny mpanohana ny Filoha Ravalomanana Marc na i Dada laharana faha-25 na N°25 amin'izao fotoana izao. Efa misy ny fifampiantsoana hametrahana io lamina io ankoatra ny fitetezana ny kaominina izay hananganana ireo rafitra hisahana ny fampielezankevitra. Azo hambara fa sioka tokana fotsiny dia vory hatrany ny olona ary samy efa vonona ny hiatrika ampitoniana ny fifidianana sy ny fampandaniana indray ny Filoha Ravalomanana Marc. Hatreto, betsaka no milaza fa sarotra ho an'ny hafa ny hamaky an' Alaotra izay mbola mametraka ny fitokisany feno amin'i Dada. Tsy nisy na dia filazana aza farany teo izay nandalovan'ny Filoha Ravalomanana taty Alaotra hoy ny rehetra kanefa nahavory vahoaka be tahaka ireny. Notohanana fotsiny ny olona noho ny fanelingelenana natao azy tamin'izay, mainka fa amin'izao vanim-potoana ahafahana maneho malalaka ny hevitra izao. Efa samy mahafantatra ny laharany harotsany araka izany ny mponina dia ny laharana faha-25. Aleo ho avy izay ho avy fa ny anay efa hatry ny ela no efa fantatra ny safidy dia i Dada izany hoy ireo mponina eny ambanivohitra izay efa leon'ny fanambakana sy ny tsy fandriampahalemana ary ny fahantrana, izay nentin'ny tetezamita ka zary lasa aretina mitapisaka amin' izao fotoana izao koa.

***Raoul***



*Efa mihetsika amin'izay ny mpomba ny Filoha Marc Ravalomanana any Ambatondrazaka.*

Fanomanana fifidianana

## Hahazo birao vaovao ny CENI Ambatondrazaka

Notontosaina ny zoma lasa teo ny fangadiana fototry ny trano fiasan'ny birao mahaleotena misahana ny fifidianana n ny CENI aty Ambatondrazaka. Ny Filoha nasionalin'ny C.E.N.I andriamatoa Rakotomanana Hery Yves mihitsy no tonga taty an-toerana nitarika ny lanonana nanaovana ny hady fotra tao amin'ny La Place ao akaikin'ny biraon'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Fantatra fa mirefy 15 metatra ny halavan'ity trano ity ary 12 metatra kosa ny sakany. Haharitra 90 andro ny fananganana azy io hoy ny teknisianina manokana misahana ny asa fanamboarana izay marihina fa ny orin'asa Natricka no nahazo izany. Tsy hoe akory ho avy ny fifidianana dia natao ity asa ity hoy ny Filoha nasionalin'ny C.E.N.I Rakotomanana Hery Yves fa fifandrifian-javatra ihany izao satria niankina betsaka tamin'ny fivoahan'ny vola ny fanamboarana azy io. Ambatondrazaka no nanatanterahana voalohany ny fananganana trano fiasana ho an'ny C.E.N.I hoy izy izay nambarany fa tombony lehibe ho an'ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro izany. Lehibe ny asa ary hampilamina ny mpiasan'ny C.E.N.I izany, izay fantatra fa mbola somary sahirana teo amin'ny fanatanterahana ny asa rehetra noho ny tsy fananany trano niasana fa voatery nindrana foana.

***Raoul***

### NY TENY FIAINANA

**Romana 11:36**

*Fa Izy no nihavian'izao zavatra rehetra izao, ary Izy no mihazona azy, sady Izy koa no antony; Izy anie no homem-boninahitra mandrakizay. Amena.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Nihinana ny IEM Rajoelina tany Bevalala Atsimondrano



**Tambanivohitra Johan Leboy** : tonga amin'ilay fitenenana hoe: ninannq ny IEM Rajoelina tany Bevalala. Jereo ny sary, ny fampisehoan'ny artista efa maimaimpoana nefa tsy nahazo olona.

**Johann Razafinirina** : tara ngamba ny sprinter izay mpitatitra ireo olona avy aty Antananarivo tokony hotaterina tany Bevalala.

**Kiafa Lina** : mbola aiza ny hahazo azy. Ho tapaka lalan-drà eo Rajoelina iny amin'ny fifidianana satria hijery spectacle ny olona fa hijery mpanongam-panjakana mihitsy. Zara aza misy fampisehoana bôjy.

**Joel Rakoto Rakoto** : efa manomboka leon'ny fitaka sy laingan-dRajoelina izany ny olona, leo ny IEM fivarotana tanindrazana koa.

**Zowellinah Salima Manjaka** : Rakroots sy Mario aza tsy nahataitra ny olona e, ka maika fa I Zandy Kely Rajoelina izay mpanongam-panjakana sy mpandainga, tsy mahataitra ny rehetra intsony.

**Randriamampianina Tahinjanahary** : jereo anie rahariva fa lay olona miseho tany amin'ny nalehany tany ihany no hapoitra ecran, fa io tsy nahazo olona tany Bevalala io, tsy lazaina sy tsy haseho.

**Diamondra Logan** : nga tsy nizara bob? Mety tsy nizara bob intsony dia tsy tonga ny olona.

**Njiva Sylvia Claudia** : miasa mafy ndray ny photoshop @ vao2. Tany Mahitsy dia notaomina tamin'ny Sprinter maro ny olona avy aty Antananarivo.

**Olivier Rakotoarisoa Papelika Maneho** : nareo angah vao nahafantatra photoshop no tsy mahafantatra ny tena izy sy ny photo montage??? Rajoelina izany tsy mahazaka olona fa olona voavidy no mihaino azy.

### TONONKALO

### Ianao ry olon`ny tetezamita

Ry olon`ny tetezamita, jiolahy eto an-tanàna,
Mieritreritra indray ny mbola handray ny fiaingàna.
Sao heverinao `zahay fa tena bado sy sanàna,
Ka hifidy anao indray mba ho filoham-panjakana ?

Tsy ho diso fanindroany intsony ny safidinay.
Aleo ny ngidim-pahoriana hofaranana amin`izay,
Ka dia ny toa anao rehetra sy ny mpiara-miombon-day,
Dia tena hofaizinay tanteraka amin`ilay fotoana iray.

`Zahay dia tsy matoky intsony ny olon`ny tetezamita.
Anananay raha ny porofo ny amin`izay rehetra vita.
Potika ny firenena, (na ny jamba aza mahita !)
Ry mpivaro-tanindrazana o! mihevera mangovita !

Tsy ianao mpangalatra io sy tia mampiasa hafetsena,
No antenaina indray fa mbola hampandroso firenena.
Mahatsara anao ny miato sady mba mandini-tena.
Ibebaho ny ratsy vita fa izay no fahendrena.

***DADAN`i ZINA (02-09-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny hetsika Vitrine du Vakinankaratra tany Antsirabe ny faran'ny herinandro teo.**










VAKINANKARATRA

## Manohy ny fanampiana ireo tanora ny SOS Village d'Enfants

Isan'ny ezaka goavana ataon'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana SOS Village d'Enfant any Vakinankaratra ny fanampiana tanora. Ny nahafantarana ity fikambanana ity dia ny fitaizana ireo zaza kamboty tena tsy misy miahy na dia fantatra aza fa manana fianakaviana ireo ankizy ireo. Misy amin'ireo ankizy no mbola kamboty vao minono no miditra ao amin'ny fitaizana ataon' ny fikambanana, fa misy ihany koa ireo efa vaventiventy sy sakan-jaza. Misy ny fiantohana manontolo ny fiainan'ireo kilonga sy ny fampianarana azy ireo, eny hatrany amin'ny ambaratonga ambony izany. Aorian'izay dia mbola misy ny fanjohina ireo ankizy mba ho afaka miatrika asa avy hatrany ka misy ny fiaraha-miasan'ny fikambanana amin'ny alalan'ny fiahiana ny "Parrainage" amin'ireo orinasa goavana eto Madagasikara. Nambaran'Andriamatoa Ralaivao Bernard, tompon'andraikitry ny fikambanana eto Vakinankaratra fa nahitam-bokany izany satria misy ny orinasa efa nandray ireo mpianatra hatramin'ny fahakeliny amin'ny fijerena ny asan'ny orinasa isaky ny fialan-tsasatra ary manjohy izany hatrany, eny hatramin'ny fianarana asa aorian'ny fianarana aza izany. Tanjona hoy ny tompon'andraikitra dia ny ahafahan'ireo tanora miatrika asa avy hatrany satria mahagaga hoy ity tompon'adraikitra ity ny masontsivana avoakan'ny orinasa mitady mpiasa, izay mitady traikefa 3 na 5 taona kanefa ny ankizy sy tanora efa lany andro tany ampianarana ary mitady asa. Tanjona araka izany ny ahafahan' ireo zatovo tonga dia miasa raha vao vita fianarana. Ny orinasa DHL no efa niara-niasa antaona maro tamin'ity fikambanana ity ary efa nisy mihitsy ny tanora niisa 4 afaka noraisin'ny orinasa niasa tao aminy. Ankoatra ny ao Antananarivo eny Vontovorona dia misy ity fikambanana ity ao Mahajanga sy Toamasina ary Taolagnaro sy Toliara ary Antsirabe.

***Solohery***

# Sakafo Ny Valosoa



**Baranjely nendasina mikarepoka tsara indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany.** Laoka tsy misy hena ihany indray ity laoka androany ity. Tsara raha hasiana ro matsatso amin'ny anana miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tombontsoa ara-pahasalamana avy amin'ny tongolo gasy



Ny tombontsoa ara-pahasalamana avy amin'ny tongolo gasy na tongolo lay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Efa hatramin'ny fahagola no nampiasaina ho fanafody nanasitrànana aretina maro ny tongolo lay. Ireo singa ao nanatiny no voalaza ho mampanankarena azy toa izany. izy,Betsaka sofra antony mahabe fofona azy, ioda, silisy,.. misy singa atao hoe : « allicine sy ajoène » ao amin'ity tongolo ity izay mahatsara ny fikorinan'ny rà ary mamono ireo bakteria maro koa. Ao koa ireo calcium, cuivre, zinc, potassium, magnésium, sélénium, zinc, vitamines A, B 1 ary C, ny «acides gras » ilaina (Vitamine F) ary am-polony ireo karazana " antioxydants" miady amin'ny fahalovana ao anatiny. Ankoatra izany, ny tsiro entiny rehefa atao amin'ny sakafo izy. Fanampin'izany dia ampiasaina ho fanakatonana fery izy, mampidina tosi-drà, miady amin'ny tavy "cholesterol", mampidina ny tahan'ny siramamy amin'ny vatana, ody kohaka, ody kankana. Na izany aza dia tsara raha lanjalanjaina ny fihinanana azy. Tsy atao masaka loatra ny fanao azy raha tiana hisy asany avy hatrany ny tongolo lay.

# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Ambilobe any amin'ny faritra Diana

Ny tanànan'Ambilobe any amin'ny faritra Diana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-tanàn-dehibe ny tanànan'Ambilobe. Fihaonan-dalana any amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara Ambilobe, fihaonan'ny RN6: Ambondromamy Antsiranana, sy ny Lalam-pirenena faha-5 A: Ambilobe sy Vohemara. Mandalo ao atsimon'ity tanàna ity ny reniranon'i Mahavavy. Ao Ambilobe no monina ireo Mpanjaka Antakarana, izay mbola misy amin'izao fotoana. Anisan'ny vokatra any ny fary, misy ozinina mpanodina fary any: ny Sirama ao Ambilobe. Mamboly vary koa ny mponina. Misy harena an-kibon'ny tany amin'iny faritra iny dia ny volamena ao Daraina, misy saphir ihany koa.



## Asan'ny Apostoly 17: 30

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 02 septambra 2018

***Asan'ny Apostoly 17: 30 " IZAHO JEHOVAH ninia tsy nijery ny andro sy ny fotoanan'ny tsy fahalalanareo, fa ankehitriny AHO, mandidy anareo olombelona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka."***

Efa imbetsaka no nilazako taminareo ny amin'ny FIBEBAHANA, io ihany no lalana tokana ahafahana miala eo amin'ny fanagejan'I losifera ny fiainan'ny olona anankiray. Mba fantatrareo, tsy an-kifidy ny fibebahana fa ho an'ny olona rehetra tsy an-kanavaka ambany masoandro, tokana ny tanjona dia ny mba samy hahazo famelan-keloka amin'ny alalan'I JESOSY ny isambatan'olona, Lioka 24: 47 *"ary mba hotorina amin'ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema"*. Ary izay rehetra vita fibebahana dia tokony ho vavolombelon'I JESOSY KRISTY. Izany hoe : noafahany tamin'ny geja, fatotra, fahazaran-dratsy, ireo toetra ratsy maro zary lasa toetra sy fiainana andavan'andro. Ireny dia manakana anareo tsy hahita ny voninahitro, tsy ahalalanareo ny fahamarinana avy AMIKO JEHOVAH, manakana ny soa sy ny tsara tsy ho tonga eo aminareo. Hoy JESOSY, Lioka 5: 31-32. Ny mpanota indrindra no antom-pisiany mba hibebaka (miala amin'ny fahotany). Hoy AHO tetsy aloha, sarotra amin'ny olona ny mibebaka satria mafy amin'izy ireny ny nahafoy izany fahotana izany, sarotra aminareo izany raha tsy JESOSY no mihaino ny fibebahanareo ka mamela ny helokareo. Hoy IZY, Matio 26: 28 *"fa ity no rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka"* ny Rány izay latsaka tao Kalvary no andraisanareo FAMELAN-KELOKA. Anisan'ny anjara Asa nanirahana AZY teo aminareo ny mamela ny helokareo, Asan'ny Apostoly 5: 31 *"Izy nasandratry ny tanana ankavanan'Andriamanitra* ho Tompo sy Mpamonjy, hanome fibebahana sy famelan-keloka ho an'ny Isiraely. [* Na: nasandratra ho eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra]"*. Ho an'izay rehetra mivavaka AMINY izany, Hebreo 9: 22 *"Ary saiky diovina amin'ny rà avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna; fa raha tsy misy rà alatsaka, dia tsy misy famelan-keloka"*. Raha tsy misy RÀ latsaka dia tsy misy FAMELAN-KELOKA. Marihiko etoana fa ny rà ankoatran'ny an'I JESOSY dia tsy misy ANTOKA. Vakio tsara anie ity SORATRA MASINA ity e! Asan'ny Apostoly 20: 20-21 *"ka tsy mba nafeniko izay mahasoa, fa nambarako sy nampianariko anareo teo imason'ny olona ary tao amin'ny isan-trano; ary nambarako tamin'ny Jiosy sy ny jentilisa* koa ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsika."*. Ny antony ilazana izany rehetra izany dia FITIAVANA satria izay mibebaka sy voavela heloka ihany no ho tonga aty amin'ny toerana izay efa nomanin'I JESOSY, II Petera 3: 9 *"Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra"*. Tao amin'ny Fizarana I dia niaina tamin'ny LALÀNA ny olona ohatra, Nomery 29: 30 *"ary ny fanatitra hohanina momba azy sy ny fanatitra aidina momba azy, dia amin'ny vantotr'ombilahy sy ny ondrilahy ary ny zanak'ondry, araka ny isany avy, araka ny fanao"*. Tsy izay intsony anefa ny amin'izao vaninan'andro iainanareo izao. Betsaka sy maro ny lalàna, ohatra izay tratra mijangajanga sy mandry amin'ny vadin'olona dia toraham-bato ka dia atao maty tokoa. Izany akory tsy midika hoe : foana ny lalàna, TSIA! TSIA! Hoy JESOSY, tonga AHO tsy hanafoana ny lalàna fa hanatanteraka sy hanamafy izany. Izany hoe : FIBEBAHANA sy FAMELAN-KELOKA no atao dia AFAKA ny olona. Etsy ange ianareo hilazako ZAVA-MIAFINA e! Ny anton'ny nizarana ireo vanim-potoana teo aloha ireo dia nivory IZAHAY taty amin'ny toerana misy ANAY. Toy izao ilay fivoriana : raha mitohy izao heloka sy fahotana, ady sy fifamonoana, fizirizìriana samy mandeha sy miasa amin'ny sainy izao ny olombelona, samy manangana fanjakana araky ny sitrapony, tsy manompo AHY JEHOVAH FAHAMARINANA, feno fanompoana hafahafa ny tany, feno fahavetavetana toy ireny tao Sodoma sy Gomora ireny, marobe tsy voatanisa e! dia izao faranantsika ny lalàna fa andeha isika handefa Anankiray amintsika eny ambonin'ny tany ka rehefa tonga ny fotoana iverenany aty satria vitany ny fanolorany ny ainy ka tsy maintsy maty IZY, latsaka ny rany, alevina 3 nadro IZY ary atsangana amin'ny maty ka miakatra aty indray mandra-pahatongan'ny fotoan'ny FAMPIAKARANA. Aza hadino ny FITSARANA. JESOSY Izany voalaza aminareo izany. Matio 26: 56, Matio 27: 50, Matio 28: 1-6, Lioka 24: 51, Hebreo 9: 27, I Petera 4: 17.

Nofaranana ny LALÀNA ka io ASAMPAMONJENA nataon'I JESOSY indray no LALÀNA tsy maintsy ekena sy arahina fa TENY FIKASÀNA. Tsy avela amin'izao FAHARATSIANA izao ny tany, izany indrindra no mahatonga izao SORATRA sy HAFATRA izao mba tsy ho ringana ianareo. Ka ho an'izay mahalala ireo voasoratra ao anaty Baiboly dia indro manomboka ny FIANDOHAN'NY FAHORIANA fa antomotra ny FAMONJEKO anareo. Izao no voasoratra, Marka 13: 29 *"Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky eo am-baravarana Izy"*. Ry Barnabasy rehefa nampahery ny mpianatra dia hoy izy : fa tsy maintsy amin'ny fahoriana be no idirantsika ny Fanjakan'ny Lanitra. Hitanareo amin' izany fa ireo karazana fahoriana mifandimby mampahory anareo ireo, izay tsy hahitanareo vahaolana mihitsy. Izany no hitondra anareo hiditra sy ho tonga ao amin'ny FANJAKAKO. Etsy ary hambarako aminareo amin'ity lahatsoratra manaraka ity ny amin'I JAONA MPANAO BATISA fa tsy fantatrareo iza izy sy ny dikan'ny nanirahana azy sy ireo HEVITRA ara-panahy miaraka aminy.

Amen ! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY IV (CUA)

# Nanolotra fanampiana ho an'ireo may trano teny Anosibe Andrefana

Nohon'ny fahamaizan'ny trano teny Anosibe andrefana faharoa tamin'ny zoma alina teo, dia tonga teny an-toerana ny delegen'ny boriboritany faha IV, Ramahandrimanana Solofoniaina Daniel, sy ireo mpiara-miasa akaiky aminy ary ny tale misahana ny asa ara-tsosialy eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Dr Andriantseheno Onimiandra Helitompo Prisca, nijery ny zava-nisy teny an-toerana, omaly. Raha ny tatitra azo dia miisa 274 ny tra-boina ary tokantrano miisa 65 no rava. Tao anatin'izany dia nisy : trano hazo 24 sy trano biriky 8. Nisy olona iray may sy naratra, ary namoy ny ainy iray, izay marihina fa vehivavy tsy salama saina. Noraisin'ny delegen'ny boriboritany faha IV sy ny tale misahana ny asa



*Ireo tompon'andraikitry ny CUA, nitondra fanampiana ho an'ireo traboina may trano teny Anosibe Andrefana.*

ara-tsosialy ny fifampiraharahana tamin'ny tompon'andraikitra tao amin' ny fiangonana FJKM Ziona Fahazavana, ka nahazoana alàlana nametrahana ireo tra-boina ireo ao amin'ny fiangonana. Araka izany dia olona 200 no nanaiky nihazo ny « site d'hebergement ». Noraisin'ny boriboritany ihany koa ny fanampiana ara-tsakafo toy ny vary sy voamaina ho an'ny traboina nanomboka tamin'ny zoma hariva teo, nandefa mpitsabo ihany koa ny avy tao amin'ny DSH ao amin'ny CUA hizaha ny fahasalaman'izy ireo. Tonga tany an-toerana ihany koa ny mpamonjy voina raha vao nahare ny antso fanairana, ka namono avy hatrany ny afo tamin'ny fotoana nitrangan'ny loza.

***Aly***

## Baolina kitra

# Raikitra ny Tournoi à 7 karakarain'ny Boriboritany III (CUA) sy ny Airtel

Nosokafan'ny Delegen' ny boriboritany fahatelo, Antananarivo Renivohitra, Rado Andriamamonjisoa sy ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Airtel Madagasikara Malalatiana Mahanina, tamin'ny fomba ofisialy ny sabotsy lasa teo ny « tournoi Foot à 7 », izay notontosaina tetsy amin' ny kianja Monisipaly Alarobia. Hetsika karakarain'ny boriboritany fahatelo kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay tohanan'ny Airtel Madagasikara. Ny tanjona amin'izao lalao izao hoy ny Delegen'ny boriboritany dia mba hisian'ny « vatana tomady sy saina matsilo » ho an'ny tanora sy ny vahoaka. Nanambara ihany koa izy fa tsy ny fanadiovana ny tanàna ihany no jerena fa eo koa ny fitaizana ny tanora mba tsy hirona amin'ny zava-mahadomelina ary hisian'ny firaisankina eo amin'ny Malagasy miaina ara-pirahalahiana. Nanome fisaorana ny Airtel izay nanohana ny hetsika i Delege ary ireo mpandray anjara rehetra sy ny mpiasan'ny CUA. Arak'izany dia efa nikatroka ny lalao ny ekipa mpifaninana io andron' ny sabotsy io izay nahitana lalao miisa 3, ka nifanandrina voalohany tamin'izany ny Tana 3 Boriboritany fahatelo sy ny CSA Ampandrana, 1 no ho 0 ny vokatra, nandresy ny Tana 3. Teo koa ny Aigle Royal 2 Ankadivato nifanandrina tamin' ny ASJA Besarety Antsahakely izay nisaraka ady sahala tamin'ny isa 2 sy 2. Ny Lalao faharoa dia ny ekipa Fanavotana nifandrandrina tamin'ny LasCar Ambohitrakely. Ny LasCar no nandresy tamin'ny 1 no ho 0 satria tsy tonga ny Ekipa Fanavotana. Nifanandrina ihany koa ny Tana I na ny Boriboritany voalohany sy ny Cobra Sécurité Andravoahangy, ka nisaraka ady sahala 1 sy 1. Ny lalao fahatelo kosa nahitana ny mpifaninana avy ao amin'ny Aigle Royal1 Ankadivato sy ny CDM Ankazomanga, ny AigleRoyal 1 no nandresy tamin'ny isa 1 no ho 0. Teo koa ny Villa Ex Pro Ankorondrano Andrefana sy ny Junior Andravoahangy, ka ny Villa Expro no nandresy satria tsy tonga ny Junior Andravoahangy.

Mbola hitohy isaky ny Sabotsy ny fifaninanana ary mbola manentana ireo izay mbola te handray anjara hanatona etsy amin'ny biraon'ny Boriboritany fahatelo Antaninandro. Marihana fa ny sabotsy lasa teo dia efa nanodidina ny 30 ny ekipa nisoratra anarana ka mbola manentana antsika sao tapitra ny fanoratana anarana.

***Lita***



AMBINANIKELY FARADOFAY

## Nisehoana haitrano, entana maro no may

Ny alahady maraina teo, nisehoana haitrano mahatsiravina tao amin'ny kaominina ambonivohitr'i Fort-Dauphin, fokontany Ambinanikely. Kila forehitra ny tanàna, ka trano miisa 8 no may tamin' izany. Niaraka tamin'ireo entana maro lafo vidy. Tsy nisy ny aina nafoy. Tamin'io fotoana io, tsy nisy olona na iray ny tanàna fa namonjy fotoampivavahana alahady rahateo ny andro. Niezaka namono ny afo ny manodidina saingy tsy nahatana ny fiitaran'ny afo. Efa kila forehitra ny tanàna vao tonga ny fiaraben'ny kaominina mpamonjy voina, na ny pompier- ny kaomina. Tsy mbola fantatra izay nahatonga ny afo. Misy kosa ny milaza fa vokatry ny herinaratra nifampikasoka tsy nampoizina no nahatonga izao lozabe izao. Aleo mitandrina mba hialana amin' ny toy izao.

***Mangarahara***

Polisim-pirenena

## Tapaka ny fanomezana passeport nanomboka ny zoma teo

Manambara ny ao anivon'ny polisim-pirenena misahana ny fifindra-monina mankany ivelany na ny fidirana eto Madagasikara, na ny « Service Passeport » ao Anosy Antananarivo ho an'ireo hanamboatra passeport Malagasy fa tapaka ny fanomezana « passeport » izay, nanomboka ny zoma alina 31 Aogositra lasa teo nohon'ny olana ara-teknika. Araka izany dia miato ny famoahana azy ary hotaterina ao amin'ny pejin'ny Polisim-pirenena facebook ihany ny fiverenan'izany rehefa miverina amin'ny laoniny ny fanamboarana « passeport» Malagasy izay.

***Ny Valosoa***




ONN

## Nanome fiofanana ny mpiasan'ny CUA momba ny fanjarian-tsakafo

Nomen-dry zareo avy ao amin'ny ONN (Office National de Nutrition) fampiofanana momban'ny fanjarian-tsakafo ireo mpiasa avy ao amin'ny Departemanta misahana ny asa sosialy sy ireo « agents sociaux » izay mpiantsehatra eny anivon'ny vahoaka ifotony manerana ny Boriborintany enina amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), omaly alatsinainy, teny amin'ny BMH Isotry. Maro ny fampianarana izay azon'ireo mpiasan' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra nandritra izany fiofanana izany toy ny : fomba fitantanana, fikarakarana, fanajariana sy ny fomba fihinanana sakafo ara-pahasalamana tsy mila handaniana vola be. Araka ny nambaran'ny Talen'ny Departementa misahana ny asa sosialy avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Dr Andriantseheno Prisca dia natao izao fiofanana izao mba ho fanatanterahana ny Vinan'ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Betsaka hoy izy ny sakafo very sy ariana fotsiny eto an-dRenivohitra kanefa dia maro ihany koa ireo olona tsy misakafo. Hisy araka izany ny fijerena manokana ireo fomba izay ahafahana hanodina ireo sakafo ireo mba ho lasa azo ampiasaina indray, ho an'ireo izay tsy ampy izany, tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa tamin'ny ONN. Ireto mpiasan'ny Kaominina vao avy nandray ny fiofanana ireto dia hidina ifotony indray, hizara izany traikefany mahakasika ny fanjarian-tsakafo sy ny fomba fihinanana sakafo aradalàna izany, eny anivon'ny fiaraha-monina.



*Ny fanofanana nomen'ny ONN tetsy amin'ny BMH Isotry.*

***Aly***

Vakinankaratra

## Hiainga ny fandrafetana ny drafitra fanajariana ny tany

Ny fananan'ny Faritra iray ny drafi-panajariana ny faritra misy azy dia ahafahany mahafantatra bebe kokoa ny faritra misy azy, ahafahany mamoaka ny vina ho fampandrosoany, ahafahany mandrindra ny fampiasana ny tany ary ahafahany mandrindra ny tetikasa. Ho fananganana io drafi-panajariana ny Faritra Vakinankaratra io ary , dia nisy ny atrikasa ho fampahafantarana amin'ny fomba ofisialy ny famolavolana ity antontan-kevitra ity na ny SRAT « Schéma Régional de l'Amenagement du Territoire », nisokatra ny herinandro lasa teo, tetsy amin'ny efitrano fivorian'ny Caren –Karen. Tompomarika amin'izao atrikasa izao ny Ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny fananan-tany, naneho ny fahavononany tanteraka kosa ny Faritra Vakinankaratra satria efa ny taona 2016 no efa nitsangana ny rafitra CRAT « Comité Régional de l'Aménagement du Territoire » , hanatanteraka ny asa kosa ny bureau d'étude « Mbola ». Raha tsiahivina dia efa nitsiry teo anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny hevitra hananganana ity SRAT ity, efa nisy ny dingana natao dia ny fampidirana mpiana-draharaha (stagiaires) gasy sy vahiny nanomboka ny asa, tamin'izany fotoana izany dia nisy ny fiaraha-miasa tamin'ny programme Matoy. Rehefa vita ny fepotoan'ny fandaharan' asa dia nitady fanohanana teo anivon'ny Ministera ny faritra ka izao ny vokatr'izany. Ny talen'ny fampiroboroboana ny toeram-ponenana Ramatoa Sylviane Rasoamananarivo avy ao amin'ny Ministeran'ny fanjariana ny tany no tonga teto niaraka tamin'ireo mpiara-miasa aminy nanatanteraka izao atrik'asa izao. Nanome voninahitra ny fotoana kosa Ramatoa Andriantomponera Voahangy Préfet-n'Antsirabe, Ny Sekretera jeneralin'ny Faritra, Rakotomahandry Timothé dia nisaotra ny Ministera tamin'ny fanampiana ny Faritra amin'izao fandrafetana ny SRAT Izao, saika tonga teto avokoa ireo mpikambana rehetra ao anivon'ny CRAT. Haharitra enim-bolana eo ny famolavolana ny SRAT ary haharitra amantaonany ny fampiasana azy.




***Solohery***

Tsy fandriampahalemana

## Jiolahy 8 voasambotra, mpitandro filaminana ny roa

Tsy ankiato ary tena sesilany ny fanafihan-jiolahy ao Antsirabe faharoa ao. Nisehoan'ny asan-jiolahy sy fanafihana indray mantsy tao amin'ny kaominina Ambano, distrikan'Antsirabe II ny alin'ny sabotsy hifoha alahady 2 septambra 2018 lasa teo, ka tokantrano iray mpivarotra no voatafika, ary nisy mihitsy ny tovolahy iray notifirin'ireo jiolahy ny tongony mba hamoahan'ireo fianakaviana haingana ny vola notadiavin'ireo jiolahy. Nialoha io fanafihana io dia voalaza fa nisy itony mpitondra taximoto itony, izay mampitohy an'Antsirabe sy iny Ambano mianavaratra iny, nahatsikaritra tovolahy vahiny tsy fantatra loatra mitobitoby tao amin'ny vohitra antsoina hoe Mahabatry. Toa nitombo isa hatrany ireo tovolahy ireo, ary toa olona manomanjavatra sy mametraka paika izany ny fahitan'ny olona azy ireo. Nampandre ny tompon'andraikitra tao Ambano avy hatrany ity mpitondra taxi-moto ity, ary avy hatrany koa, dia nanome toromarika hanamafy ny fiambenana isam-pokontany ny ben'ny tanàna ao Ambano. Nony tokony ho tamin'ny 8 ora alina tany ho any tokoa io sabotsy io, dia nitranga ilay fanafihana niseho tao Mahatsinjo-Ambano. Tsy latsaky ny 10 ireo jiolahy raha ny fanazavana azo, ary nitondra basy izy ireo. Ho fandrahonana ny tao an-trano, dia tsy nananany antra ny tovolahy iray tao amin'io trano voatafika io fa avy hatrany dia notifirin'ireo jiolahy ny tongony hanamorana ny famoahan'ilay fianakaviana ny vola, ary toa efa fantatr'ireo jiolahy tsara fa vao avy nivarotra fiara iray io fianakavioana io. Nandre ny zavatra niseho tao an-trano kosa anefa ankilany ireo mpiambina tany ivelany, ka nametraka ny paika hiatrehana ireo mpanao ratsy ihany koa. Raikitra ny sakoroka, tsy nahatohitra ireo fokonolona ireo jiolahy na nisy basy aza, ka rifatra nitsoaka. Voasambotry ny mpiambina anefa ny iray tamin'izy ireo ka voadaroka. Teo anefa ny ben'ny tanànan'Ambano, ary ity farany no niaro tsy hisian'ny fitsaram-bahoaka, mba hikarohana ny naman'io jiolahy tratra io. Tonga haingana rahateo ny zandary sy ny polisy, ary nitondra ity jiolahy ity. Omaly maraina, taorian'ny fanondroan'ilay voasambotra ny namany, dia tsy latsaky ny 10 ireo efa voasambotra, ary raha ny loharanom-baovao aza, dia misy mpitandro filaminana tandroka aron'ny vozona ny 2 lahy tamin'ireo voarohirohy ho isan'ireo jiolahy ireo. Mbola mitohy ny fanadihadiana hatrami'nny nanoratana, ary raha ny re aza dia mety hitatra ami'nny asa ratsy hafa nahazoan'ny mpitandro filaminana loharanom-baovao teto Antsirabe tamin'iny herinandro iny ity raharaha ity.

***Lezama***

Adina EPS Bakalorea

## Toa hatao tefimaika fotsiny

Nanomboka ny herinandro teo ny fanadinana ara-panatanjahantena ho an'ireo mpianatra hiatrika ny bakalorea amin'ity taom-pianarana 2017-2018 ity. Raha ny zavatra hita sy tsapa dia toa atao ankahamehana be ny fanaovana izany taranja izany. Raha ny hita tetsy amin'ny Complexe scolaire Ampefiloha ohatra ny zoma teo dia tena tsy milamina mihitsy. Tsy ampy ny fifandaminana eo amin'ireo mampiadina ny mpianatra. Raha mbola tsy tapitra akory ohatra ny adina eo amin'ny hafainganampandehan'ireo mpianatra sasany dia efa nandeha ny hazakazaka 1000 m ho an'ireo sasany. Hita sy tsapa ny fifanelingelenana teo amin'ireo mpiadina. Raha nandeha indray ny hazakazaka lavitra ezaka, toa tsy hitan'ireo mpiadina sasany akory ny hoe aiza izy ireo no mijanona na ny «arrivée», ireo mpiadina vao hisedra ny adina voalohany ara-panatanjahantena no tena hita fa sahirana tamin'izay. Taorian'ny adina dia maro ireo mpiadina no nitaraina fa very ny karapanondro sy karatra mahampianatra noho ny tsy namelan'ireo mpampiadina ireo mpiadina hanatitra ireo taratasy ireo teny amin'ny mpanaraka azy ireo. Raha ny fantatra dia toa natao maimaika mihitsy ity fanadinana ara-panatanjahantena ity sao misy ny manakorontana avy amin'ireo mpampianatra manao fitokonana.

***Ny Valosoa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana, kandida laharana faha-25, tany Manjakandriana.









Nitsidika ny orinasa ADONIS teny Ambatomirahavavy ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa.





Ny fanokafana ny Cours maimaimpoana nataon'ny tanora TIM sy ny TIM Boriborintany faha-6.



